Fiainam-pirenena

## Tsy mbola voafehy hatreto ny tsy fandriampahalemana 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 21 febroary 2019 Laharana 877 Vidiny : 400 Ar


Anosibe Andrefana 5

## Nanampy ireo may trano avy hatrany ny CUA


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Ministra Lalatiana Rakotondrazafy 2

# Mametraka fanilikilihana ao anivon'ny TVM



1 volana nitondran-dRajoelina 3

# Ronono an-tavy sy fampanofisana no betsaka



ARCADE ANALAKELY 5

## Fiara miisa 18 tsy nanara-dalàna nesorina



Ambatomainty Faritra Melaky 2

## Omby 280 no lasan'ireo dahalo manodidina ny 20 mirongo basy

Ny Valosoa sy Mahasoa 4

## Ny soa azo avy amin'ny karaoty, voasary ary persily

Faritra Boeny sy ny FORMAPROD 7

## Hatao izay hampisonga-dina ny vokatra manga

Daka kely

Nomenareo veli-tangena ny TVM ry Boaikely a !

Lalana sy lakandrano eny Besarety 5

## Nahazo famatsiambola 20 miliara Ar avy amin'ny BEI



### MINISTRA LALATIANA RAKOTONDRAZAFY

## Mametraka fanilikilihana ao anivon'ny TVM

Mimenomenona ireo mpiasa mpanao gazety ao anivo'ny TVM (Televiziona Malagasy) amin' izao fotoana. Ny antony, ny Minisitra Lalatiana Rakotondrazafy no nisafidy izay ho mpanolotra vaovao ao anivon'ity haino aman-jerim-pirenena ity. Namory ny mpiasan'ny TVM Ramatoa ministra tamin'ity herinandro ity, tamin'izany no nanendreny ireo ho mpanolotra vaovao indray ao amin'ity fahitalavi-pirenena ity, miisa 8 izy ireo ka vehivavy avokoa, ny 6 vaovao, ny 2 efa mpiasa ao ihany. Endrika vaovao maromaro arak'izany no ho hitan'ny mpijery fahitalavi-pirenena ato ho ato, izany hoe hanomboka ny 1 martsa ho avy izao. Niditra an-tsehatra mihitsy ny minisitry ny serasera sy ny kolontsaina, Lalatiana Rakotondrazafy Andriatongarivo, tamin'ny fifantenana izay ho mpanolotra vaovao manomboka eto. Toy ireny fifantenana tovovavy tsara tarehy sy bikaina (Miss) ireny no nisy, ankoatra izay metimety taminy, tsy nijerena traikefa no nifantenana azy ireo. Ampahibemaso, nandritra ny famoriany ny mpiasa tao amin'ny TVM no nanatanterahana izany. Nakisaka ry Hery Rakotomalala, Nathan Mahaiavy, Rose Tiana Muriel, Suzetta, Fidisoa Andriamasiarivelo, Lemana Elysée, Tantely Tsimarofy, Dina Ah-Kam mbamin-dry Narindra Rafenomanana. Miora Harinaina sy Haingo Rabarinala no mety hanohy hanolotra vaovao, miaraka amin'ireo tovovavy 6 hafa vaovao. Tokony ho anio dia anio ihany dia efa saika ireo vaovao, voatsonga ho manja sy mahay mihaingo ireo, no hanomboka hanolotra vaovao, saingy nangataka ireo mba hianatra aloha, ka amin'ny fiandohan'ny volana martsa any no hanomboka hiseho télé. Izao fanapahan-kevitr'i Ramatoa Ministra izao dia toa mametraka fanavakavahana sy fanilikilihana ao anivon'ny TVM ary dia tena mitsabaka amin'ny tokony ho andraikitry ny lehiben'ny sampan-draharaha (chef de service) sy ny tonian-dahatsoratra (Redacteur en chef) izy nandray izany fanapahan-kevitra izany. Nangahiahy ny betsaka nanoloana ny fanapahan-kevitra. Tao ny nanontany anakam-po hoe dia tsy maintsy ny minisitra ve no hisafidy ny mpanolotra vaovao, nefa misy teknisianina toy ny Tale ary koa Tale jeneraly mitantana ity TVM ity, sa efa endrika fanilihana ankolaka azy ireo ihany koa izao ? Ny Televiziona Malagasy dia endriky ny fihavanam-pirenena sy firaisam-pirenena nefa ho takona izay rafi-pisainana izay manomboka eto, manoloana izao fanadiovana ny mpanolotra vaovao eo anivon'ny TVM izao, hoy ny fanamarihan'ny mpiasa. Tantara mitohy…



*Ny tranoben'ny TVM etsy Anosy.*

***Helisoa***

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Anto-bola 5 tapitrisa Ar

## Betsaka no sahirana ireo kandida solombavambahoaka

Amin'ny talata 26 febroary 2019 ho avy izao no fanombohan'ny fametrahana ny antontan-taratsy firotsahan-ko fidiana solombavambahoaka manerana an'i Madagasikara. Betsaka ireo teho kandida no efa manao endrika fampielezan-kevitra sahady ka mampahafantatra amin'ny olona fa ho kandida, eo ireo mody manao asa sosialy sy fanomezana etsy sy eroa sao mba lasa solombavambahoaka, ao koa ireo manao fifampiarahabana noho ny taona vaovao 2019 satria tsy mbola tara hono. Endrika ivelany avokoa ireo mba hisintonana sahady ny mpifidy azy amin'ny 27 mey ho avy izao. Fa ankotry ny hoe voasoratra anaty lisi-pifidianana, nahaloa hetra, tsy mbola nisazy sns… no afaka miditra ho kandida, dia olana ho an'ireo kandida tsy natolotry ny antoko no sahirana amin'ny anto-bola 5 tapitrisa ariary amin'ity fifidianana ity. Manginy fotsiny ny vola lany amin'ny fampielezan-kevitra, ny fanotana bileta, ny fanomezana etsy sy eroa, sns… Miferotr'aina ny sasany nefa te-ho kandida sao mba ho tonga eny Tsimbazaza. Misy amin'izao fotoana no mivarotra fananana mihitsy aloha ary manantena ny ho lany. Sao lany ny fananana nefa tsy ho lany depiote akory, dia inona no mety hitranga ? Na hisara-bady satria nanao letrezana, na leo monina fa menatr'olona...

***Rajo***

### Filoha vaovaon'ny SMM

## Hiezaka hamerina ny hasin'ny mpitsara i Clément Jaona

Voafidy ho filohan'ny SMM (Sendikan'ny Mpitsara eto Madagasikara) i Clément Jaona, izy no handimby toerana an'i Fanirisoa Ernaivo, hitantana ny SMM indray. Nototosaina ny faran'ny herinandro teo ny latsabato nifidianana izay ho filohan'ny SMM. Roa no mpifaninana dia i Clément Jaona (Mpitsara mpamoaka didy), kaomisera momba ny lalàna eo anivon'ny Filankevipanjakana sy Andrianiaina Franklin James Rakotomahanina (Mpitsara momba ny ady arabola), miasa eo anivon' ny ministeran'ny Fitsarana, ary efa nirotsaka indroa miantoana (2013, 2018) ho kandida filoham-pirenena fa nolavin' ny Fitsarana avo momba ny Lalampanorenana (HCC) ny firotsahan-kofidiany. Fanamby apetraky ny filoha vaovaon' ny SMM ny hamerina amin'ny laoniny ny hasin'ny fitsarana sy ny mpitsara. Iaraha-mahalala fa anisan'ny sehatr' asa be kolikoly eto amin' ny firenena ny fitsarana.

***Helisoa***



*Ny filoha vaovao'ny SMM, Clément Jaona.*

### Ambatomainty Faritra Melaky

## Omby 280 no lasan'ireo dahalo manodidina ny 20 mirongo basy

Omby 280 no lasan'ireo dahalo manodidina ny 20 mirongo basy ampolony, nandritra ny fanafihana nataon'izy ireo omaly, tao amin'ny tanànan'Ambonarabe Bedaba tokony ho tamin'ny 4 ora maraina. Raha ny fampitam-baovao azo, tamin'ny mitatao vovonana omaly, tao amin'ny kizo antsoina hoe Kelilalina no nisy ireo dahalo sy ny omby, faritra iraisan'ny distrikan'Ambatomainty sy Tsiroanomandidy. Vinavinaina hizotra hiakandrefana any anelanelan'i Mahatsinjo sy Orimbato ny lalan'ny omby, raha ny nambaran'ireo mpanaradia. Mitaky fiarahamiasa amin'ireo mpitandro filaminana, izay toby miaramila natao hiady amin'ny asan-dahalo sy ny zandarimaria ao Bongolava ireo mpanaradia . Hatreto dia vao mainka mirongatra ny asan-dahalo amin'ny faritra maro eto Madagasikara. Hatramin'izao , efa iray volana no teo amin'ny seza fiandrianany miaraka amin'ny fahefana feno nomen'ny HCC azy, mbola tsy hita izay fandraisana andraikitra ataon'ny fitondràna TGV , nefa tamin'ny fampielezan-kevitra dia tany amin'ny faritr'i Bongolava iny mihintsy ny kandida Andry Rajoelina tamin'izany , niaraka tamin'ireo vazaha nanao fampisehoana ireo fitaovana hiadiana amin'ny asan-dahalo: puce sy drone ao anatin'ilay fandaharan'asa IEM nodradradraina. Manjaka ny tsy fandriampahalemana, mihinana ny IEM ny vahoaka satria tsy hita izay tena fandraisan'andraikitry ny fitondrana Rajoelina.

***Serge***

### Fiainam-pirenena

## Tsy mbola voafehy hatreto ny tsy fandriampahalemana

Miezaka manao ny asany ny mpitandro filaminana toy ny pôlisy sy zandary ary ny miaramila, saingy tsy mbola voafehy hatreto ny asanjiolahy sy asan-dahalo etsy sy eroa. Mbola miseho lany hatrany ny halatra sy ny fanafihana etsy sy eroa, na mitampiadiana mahery vaika io, na fiadiana hafa toy ny antsy sy sabatra. Nandritry ny tafa nifanaovan'ny mpitandro filaminana tamin'ny mpanao gazety ohatra ny talata teo dia 11 ireo voasambotra noho ny fakàna an-keriny teratany vahiny sy tompon'andraikitra toy ny orinasa Vista sy ny orinasa Makiplast tamin'iny taona 2018 lasa teo iny, ary manentana ny rehetra mba hanome vaovao raha mahita tranga na zavatra tokony hilàna fifanomezan-tànana izy ireo. Ny olana anefa hatreto, dia miezaka ny mpitandro filaminana, fa mbola manao ny asa ratsiny hatrany koa ny jiolahy. Andrasana indray aloha izany izay vokatry ny ezaka ataon'ireto mpitandro filaminana ireto ato ho ato.

***Rajo***

## Ny Valosoa sy hadihady

# 1 volana nitondran-dRajoelina : fanovana mankany amin'ny fihemorana no hita

Katroka ny faha - 19 Febroary teo tokoa no nitondran'ny filoha Andry Rajoelina ary dia samy nitanisa izay fahitany azy ny olom-pirenena Malagasy, nalefa tao amin'ny haino aman-jery mpanara-dia azy. Mazava ho azy fa tsy maintsy fanatsarana sy fanasohasoana ary filelafana foana no avoaka. Rehefa dinihina anefa dia ny fanamafisana ny toerana sy fametrahana ireo akamakama no betsaka. Esorina eo amin'ny toerany avokoa ny olona napetraky ny fitondrana HVM, nosoloina MAPAR na TGV , ireo teknisianina heverina fa manam-pahaizana koa na tsy ao anaty antoko aza voadaka ihany koa. Enjehina araka izay tratra izay heveriny fa mpanohitra. Poretina amin'ny alalan'ny fampiharana ny fahefana eo am-pelatanana ireo solontenam-panjakana fa indrindra any amin'ny faritra . Mihàtra ny ramahatahora ka afindra toerana izay manelingelina. Ny sosialim-bahoaka , ny fiainana andavanandron'ny mponina anefa ny omaly tsy miova hatrany. Vao mainka aza miha- fadiranovana ny madinika ka tsy maintsy miady irery mitady izay harapaka hamelomana ny tenany sy ny ankohonany. Raha sendra tratry ny tsy fahasalamana toy ny kitrotro ohatra , izay voalazan'ny filoha Rajoelina fa maimaimpoana dia misy ireo faritra mandoa volam-panafody raha te ho sitrana, mandoa 3 arivo Ar ny vaksinin'ny kitrotro any amin'ny faritra sasany. Ny karama 2 hetsy ariary farany ambany nampanantenainy mbola any ankibon'ny omby mbola tsy nopetahana Puce. Mirongatra izay tsy izy ny asanjiolahy sy fanafihana etsy sy eroa ary ny tena loza dia mamono mahafaty mihitsy ry zalahy na dia vola sy tahiry kely eo am-pelantanana aza no ananana. Ny kidnaping moa dia fanampin-tsakafo sy ody ambavafo iainan'ny vahoaka , indrindra any amin'ny faritra lavitra andriana rehetra any. Etsy ankilany kosa, miaina miadana tsy misy atahorana ireo mpitondra isan-tsokajiny ary mbola variana amin'ny fanamafisan-toerana. Raha izay iray volana izay no jerena dia fanovàna mankany amin'ny fihemorana no hita ary tsy hita mivaingana izay tena soritr'asa sy zava-bita.

***Rajaonarimpanontsana***

1 VOLANA NITONDRAN-DRAJOELINA

# Ronono an-tavy sy fampanofisana no betsaka



Iray volana izay no nandraisan'ny filoha Andry Rajoelina ny fahefana feno, fahefana nomen'ny CENI sy ny HCC azy tamin'ny alalan'ny halabato be vata, tamin'ny salanisam-bato 55,66% ny vato manankery, tamin'ny fihodinana faharoan'ny fifidianana filoham-pirenena ny 19 desambra 2018, raha nifaninana tamin'ny filoha Marc Ravalomanana izy araka ny didy navoakan' ny HCC izay tsy maharesy lahatra ny maro ihany io valimpifidianana io. Santionany amin'ireo fanapahan-kevitra noraisin'izao fitondrany izao, tao anatin'izay iray volana izay, ny hanarenana indray ka hamitana ny Rovan'i Manjakamiadana alohan'ny 26 jona 2020, ny fandraràna ny fanondranana omby velona any ivelany, ny fividianana helikôptera miisa dimy hampitaovana ny mpitandro ny filaminana, hiadiana amin'ny asan-dahalo sy mpaka an-keriny, ny hanorenana trano fonenana (logements sociaux) amina velaran-tany 58 ha eny Ivato, ny fampodiana an-tanindrazana ireo ambasadaoro sy « consul » malagasy rehetra miasa any ivelany any, ny fahafahan'ny Jirama manafatra solika mivantana any ivelany, ny hanatanterahana ny fifidianana solombavambahoaka amin'ny 27 mey 2019. Anisan'ny nanamarika izao fitondrana voalohany izao ihany koa ny fitoriana mpanao gazety any Sambava, nolazaina ho mpanongam-panjakana (sûreté de l'Etat), ny fisamborana sy fanagadrana mpandraharaha lehibe roa any Tsiafahy, sy ny famerenana ny iray ao Antanimora. Namafisina ihany koa ireo lalàna efa misy fa tsy nampiharina, dia ny fametahana ny fiaram-panjakana ho plaque rouge, sy ny tsy fanekena ny ampiasan'ireo minisitra jiro mirehidrehitra, sy anjomara, na fidirana làlana tsy azo aleha. Raha ny hita aloha dia toa karazana mbola fanaovana ronono an-tavy amin'ny vahoaka sy fampanofisana ary fihetsika ivelany ilazàna fa hoe miasa ny fitondràna no ataon'ity fitondràna TGV ity satria tsy miantraika mivantana amin'ny isantokantrano aloha no hita hatramin'izao . Eo ihany koa ny valifaty politika atao amin'ny olon'ny fitondràna teo aloha. Raha tena filohan'ny Malagasy Andriamatoa Andry Rajoelina dia ny fitoniana aloha no tokony hapetrany voalohany fa tsy fihetsika mivatravatra toy ny fanagadràna olona tahaka ny misy amin' izao. Ireo filoha teo aloha efa nanaja azy, nefa toa izy mpitondra manana fahefàna feno indray no toa manao fihetsika mitratrevatreva tsy misy vokany amin'ny fampandrosoana sy ny velirano nodradradradrainy. Mbola hita ihany hatramin' izao ny tarazon'ny mahampanongam-panjakana an'i Andry Rajoelina hatreto, miezaka izy ny hampihàtra ny jadona toy ny nataony tamin'ny tetezamiitatra.

***Helisoa***

Fonjan'Antanimora

# Hizara sakafo eny ny "Aumônerie" Synodam-paritany Antananarivo Andrefana

Toy ny fanao isan-taona dia mizara sakafo sy fanomezana eny amin'ny fonjan' Antanimora ny « Aumônerie » synodam-paritany Antananarivo Andrefana. Mampisakafo ihany koa izy ireo satria mahatsiaro ireo marary sy voafonja isantaona. Mahatratra any amin'ny 1600 ireo voafonja no hahazo izany ny 6 martsa 2019 ho avy izao. Miantso ny malalatànana sy ny tsara sitrapo amin'ny fanohanana ireto madiniky ny tompo ireto ny mpandrindra ny « Aumônerie » synodam-paritany Antananarivo Andrefana, ny mpitandrina Razafindramanitra Nestor mba hifanome tànana aminy satria maro ireo zavatra tsy maintsy homanina ka hatolotra azy ireo.

***Rajo***




Faritra Boeny

# Mamolavola ny PRD ny amin' ny 10 taona manaraka

Ho fanohizana ny fandrafetana ny Drafitra Fampandrosoana ny faritra na PRD (Plan Régional de Développement) ho an'ny 10 taona manaraka dia nanatanteraka fivoriana ara-teknika ny avy ao anivon'ny Faritra Boeny ny talata teo. Tao amin'ny Tranon'ireo Olom-boafidy na Maison des Elus Mahavoky Avaratra, Mahajanga, no nitarihan'ny Talen'ny Fampandrosoana ny faritra Boeny, Randriambololona Marcellin ny fivoriana, izay niarahana tamin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola ary ireo manampahaizana. Fivoriana fakan-kevitra nijerena manokana ny mahakasika ny toerana, ny fe-potoana hiasany ary ny paik'ady entiny hanatanterahana ny drafitra no niompanan'ny dinik'asa nandritra io andro io. Ilaina dia ilaina ny hevitra azo eto mba ho fifanomezan-tànana amin'ny fampiharana sy ho fanatanterahana izay voalaza ao anatin'ny paikadim- paritra izay eo an-dalam-pahavitana hoy ny Talen'ny Fampandrosoana ny faritra Boeny, raha nisolo-tena ny Lehiben'ny Faritra Saïd Ahamad Jaffar teo am-panokafana. Notsiahiviny ihany koa fa maro ny dingana efa vita amin'ny fanatontosana ity drafitra ity toy ny fampahafantarana amin'ny fomba ofisialy ny famolavolana ny PRD sy ny fakan-kevitra teny amin'ny distrika 6 ao amin'ny faritra Boeny. Teo koa ny fanaovana jery todika momba ny PRD 2005. Ary izao fivoriana ara-teknika izao dia mbola tafiditra ao anatin'ny famolavolana izany Drafi-paritra Fampandrosoana izany. Ao aorian'izao fivorina izao dia harafitr'ireo manampahaizana ny hevitra rehetra manan-danja voaangona nandritra ireo fidinana ifotony sy ny fivoriana ara-teknika. Haroso manoloana ny vovonan'ny Komitim-paritry ny Fampandrosoana izany avy eo. Izay mbola handraisana ny tolo-kevitra avy amin'ireto farany ka amin'ny volana mey ho avy izao no heverina hanatanterahana ny fankatoavana ny PRD Boeny ho an'ny 10 taona manaraka. Ny lehiben'ny faritra aza ity vinavinain'ny filoha Andry Rajoelina hosoloina governora, ka dia ho zava-poana ihany izao fandrafetana PRD amin'ny 10 taona ho avy izao, satria tsy maintsy hanana ny drafitra ho azy koa izany governora mety ho avy eo izany, tsy any Boeny ihany, fa ny amin'ny faritra hafa ihany koa.

***Isambilo***



***Ireo mpiara-miombon'antoka teknika amin'ny faritra Boeny, ho fandrafetana ny PRD manaraka.***

## TONONKALO

### NY FANABEAZANA SY NY FAMPIANARANA

Mizotra mankaiza ny fanabeazana ?
Mivarina ho aiza ny fampianarana ?
Misento tanteraka ny mpitazana
Satria tsy ao mihitsy ny fivoarana !

Ovàna isan-taona ny tetik`andro,
Ravana ny tsara sy ny efa mety.
`Zay tonga dia toa mifanahim-bandro
Fa maika hangorona vetivety.

Nasesika fa ho ny janoary
No volana mendrika ny hidirana.
Dia indro novana ny kalandary,
Kanefa eo ny gasy ilay hoe sahirana !

Tsy misy mihitsy ny fitsinjovana
Na ho fijerena an`ireo vahoaka .
Tsy fantatra marina izay arovana
F`angamba tsy misy afa-tsy kapoaka.

… Ka tena mankaiza ny fanabeazana ?
Mivarina ho aiza ny fampianarana ?
Mpitondra o ! raha tianao ny tanindrazana
Dia ireo no kendreo mba ho lohalaharana !

***SEDERA RAVALISON (18-02-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny fanadiovana teny amin'ny araben'ny Fahaleovantena omaly, nataon'ny CUA.






Ny fanadioavana sy fandokoana trano teny amin'ny boriborintany faha-6.





## Sakafo Ny Valosoa



Mbola sakafo tsy misy hena ihany no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Anana tee-sham sy voanjo. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny karaoty, voasary ary persily



Ny soa azo avy amin'ny karaoty sy voasary ary persily indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Akora ilaina : karaoty 2, voasary 2, rano 250 ml, persily iray fehezany, vaingana lagilasy. Fikarakarana : alaina ranony ny voasary roa dia atao ao anaty "mixeur" miaraka amin'ireo karaoty voadio sy voavaofy sady voatetika madinika. Alefa ao koa ny persily efa voatango. Tapohina rano 250 ml. Sotroina mangatsiatsiaka tsara. Azo ampiana vaingana lagilasy rehefa mitoto azy. Azo sotroina amin'ny maraina na ampiarahina ny sakafo antoandro. Tombony azo : mandrindra ny fandevonan-kanina ny voasary, ka misoroka ny mitohana sy ny fiandronan'ny rano ao anaty. Torak'izany koa ny karaoty izay be fibres sy vitamina A ary potasioma. Ampiarahina amin'ny persily izy ireo dia hampihena tokoa satria ho voadio ny ao anaty, tsy mitohana mihitsy sady ho afaka ny "cellulite" izay vokatry ny fiandronan'ny rano ao anaty koa.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Mananara Avaratra any amin'ny faritra Analanjirofo

Ny tanànan'i Mananara Avaratra any amin'ny faritra Analanjirofo indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra i Mananara Avaratra, renivohitry ny distrikan'i Mananarana Avaratra. Mafana sy be orana ity tanàna ity, saika misy orana foana any mandavantaona, ny salan'ny hafanana dia eo amin'ny 26°C eo, ny habetsahan'ny orana isan-taona dia 3000 mm. Manana seranam-piaramanidina i Mananara Avaratra, misy seranan-tsambo madinika koa, izay tena miasa noho ny faharatsian'ny RN 5 izay mihazo iny faritra iny. Amin'ny maha amoron-dranomasina azy dia iva toerana, 12 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina.



## NY TENY FIAINANA

*Izay tia fananarana no tia fahalalana; fa izay mandà anatra dia biby.*
***Ohabolana 12:1***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Arcade sy Araben'ny Fahaleovantena Analakely, miezaka mampanara-dalàna ny CUA



**Arp Helisoa** : nanala ireo fiara tsy miasa intsony, ireo bouffe mobile, ireo fiara amidy teny Analakely omaly ny CUA. Miezaka mampanara-dalàna ny rehetra hatrany fiadidiana ny tanàna.

**Zo Randi** : rahafakampitso indray izy vao tonga eo satria ianareo ho avy eny rahampitso koh.

**Mada Tete Cortege Hery** : hatao decodazy izany ireo tsy ara-dalàna eo Analakely. Hihiiii!

**Solofotahiana Rafanomezantsoa** : MBA manana solution ve nareo ao @ commune ao fa manala fahasahiranana betsaka ho an'ny mpianatra sy ny RAY AMAN-DRENINY ireo mpivarotra sakafo eo @ SICAM ireo. Sady mora no ara pahasalamana.

**Rakotonjanahary Andrianandrasana** : miala! Tsy io ihany fa zay rehetra mitovy @ ireny. Mandoto Tanàna. Tokony anaty trano izy ireo no hivarotra, na izany aza misy fikambanana manaradalàna izy ireo, ireny tsy nesorina.

**Solofotahiana Rafanomezantsoa:** MBA jereo ihany ny fahefamividin'ny olona fa tsy manambe hoatra'anareo daholo ny sarababembahoaka.

**Faniry Ras** : ary ny mpivarotra ?

**Mika Andrianjafy** : tsy miaro aho fa mijery de mahita hoe, otran'efa misy manao le lalana, de mety oe alefa miaraka le projet fanadiovana s fanapenan-dalana, mba ho hita mivaingana le fiovana refa miara-vita, satria ny lalana mba efa tsis lavaka moa tsisy fiara mibahana @ sisiny de mba mihena le embouteillage be mampijaly atsika. Fahitako s eritreritro fotsn io fa ny ahy refa mihetsika aloh izy de amporisihiko.

**Charité Razafimalala** : ary ny mpanao bizna?tsy tokony halana koa ve? Toa tsy mandoa hetra mantsy izy ireny fa mibizina eo nefa tsy misy vola miditra amin'ny CUA, n any fanjakana koa, satria tsy mandoa hetra.

**Abi Lee** : aza atao otran' ny fanalana mpivarotra ary fa ataovy tsara hatramin ny farany e!

**Ainasahy Razakarivony** : ilay mpividy volamena koa esory.

**Charité Razafimalala** : ny mpanao devise ko amaro eo, tsy ara-dalàna daholo ireny.

**Hery Randrianarivelo** : ts le 4 mi ve koa ve aloha no tokony hesorina fa mandoto tanàna.

**Fa Rahar** : de mba sasao koa tompoko le pipy sy eo @ arcade reo fa tena sady manimba rivotra iainana no tena mahamenatra nefa renivohitra. Akaiky eo Shoprite nefa de pipy fotsiny eo @ parking.

**Tombo Harifeno:** efa manadio mateti-tetika ireny fivalanan-drano sy fivalanam-bentiny ataon'ny sasany ireny ny pompier, fa ilay toetsain'ny sasany tsy tia madio koa no mahatonga izany, efa misy ihany ireo WC public eo Analakely nefa dia mitifitifitra sy mametraka mine eny ireo olona sasany tsy tia fahadiovana.

**Mika Andrianjafy** : tokn tsy ho autorise-na tsony n firevena eny @ alina, de esorina ko reo 4mis ao ambany arcade reo fa tena maloto,

tena marina le teninao.

**Fa Rahar** : zany mihitsy no tokony ho izy, kanefa raha hiteny ireo 4 mis zao ry zareo hoe tsy mahazo mankeo tsony ianareo @ alina dia lazaina fa manilika ny mahantra sy ny etsetra, izy reo anefa tsy hahafehy tena mihitsy hoe tsy manao maloto eo.

**Jaz Jeff** : tsara izany fa maninona ireo mpivarotra amoron-dalana eny Anosibe toa hakana vola isan'andro fa tsy esorina nefa tena manelingelina no mandoto tanàna, ny fiara eny an-tsisindalana rehetra eny koa.

**Henintsoafetra Randrianoelisaona** : ENTANA KARANA BICYCLETTE POUSSETTE .ETC AHOANA .SPRINTER ENY MAHAMASINA ..JARDIN ANTANIMBARINADRIANA EFA NOPOTEHINA NOMENA MPIVAROTRA FIARA FENO AN' IREO NY TANANA ..ANJANAHARY BEHORIRIKA ANALAMAHITSY ...FENO FIARA AMIDY NY SISIN DALANA.

**Niaina Zara** : mankasitraka ny fampanarahan-dalàna ataon'ny CUA, fa mila esorina isan'andro koa ireo mpivarotra @ trottoir sy arrêt bus fa tena tery ny mpandeha an-tongotra.

## LALANA SY LAKANDRANO ENY BESARETY

# Nahazo famatsiambola 20 miliara Ar avy amin'ny BEI



*Ny fanadiovana efa atao amin'ny lakandrano etsy Besarety.*

Manohy manadio ny lakandrano ao Besarety ny Boriboritany faha-3 eto amin' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Efa manomboka izao ny tetikasa goavana iarahana amin' ny Banky Eoropeana momba ny Fampiasambola, BEI, Banque Européenne d'Investissement, mitentina 20 miliara Ariary, hanambo- arana sy hanavaozana ny lakandrano eny Besarety sy ny manodidina, andalovan'ny lalampirenena faha-2 sy faha-3. Miainga any Ambohimahitsy sy Mahazo ny asa amin'izao fotoana, mandalo an'i Besarety ary mifarana eo amin'ny Garan'i Soarano. Amin'ny volana mey izao vao tena handalo eo Besarety boriborintany faha 3 io tetikasa goavana vatsian'ny Banky Eoropeana momba ny Fampandrosoana vola io. Hamboarina amin'izany ny lalana sy ny lakandrano fandehanan'ny rano, izay miteraka fahasahiranana hatrany ho an'ny mponina sy ny mpampiasa ireo lalana ireo hatramin'izay rehefa tonga ny fahavaratra sy ny oram-be mikija. Na izany aza, tsy miandry izany ny ekipan'ny kaominina Antananarivo renivohitra sy ny boriborintany faha 3 ary ny GRC sampana miahy ny loza voajanahary, fa avy hatrany dia nandray andraikitra nanala ny fako manentsina ny lakandrano ao an-toerana. Nanambara ny delegen'ny boriborintany faha- 3, Hery Razafitsalama fa hatomboka amin' ny fisokirana ny lakandrano eo Besarety aloha ny asa amin 'izao voalohany izao dia avy eo mitsimbadika mankany Mahavoky indray. Hitohy amin'ny fanamboarana ny lalana sy ny fanadiovana ny lakandrano ary tatatra amin'ny lalampirenena voaloha-ny sy faha-4 iny koa izao tetikasa izao hoy ny tompon'andraikitry ny GRC ao amin'ny CUA, kolonely Jaona Andrianaivo.

***Helisoa***

## Anosibe Andrefana II, Boriboritany faha-4 (CUA)

# Nanampy ireo may trano avy hatrany ny CUA



*Ny haintrano nitranga tetsy Anosibe Andrefana.*

Nahitana haintrano ny Fokotontany Anosibe Andrefana II ny talata teo tokony ho tamin'ny 9 ora sasany maraina teo ho eo ka ny Secteur faha 2 indray no lasibatry ny afo tamin'izany. Raha ny hita teny an-toerana dia miisa 21 ireo trano may, nahitana trano hazo 18 ary trano biriky 3 ; 32 ireo ankohonana traboina may trano tamin'izany, ahitana olona miisa 157. Afon'arina fandrehitra no antony nahatonga ny loza. Nidina ifotony avy hatrany nijery izany ny teo anivon'ny Boriboritany faha efatra, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), raha vao nandre izao zava-nitranga izao, ka nitondra fanampiana sy nampahery ireo traboina . Efa eo ampandaminana ny toerana izay hasiana ireo traboina ny eo anivon'ny Boriboritany faha efatra, ny BNGRC sy ny Fokontany voakasika ary ny ELS ( Equipe Locale de Secours) ankehitriny.

***Ny Valosoa***

## Arcade Analakely

# Fiara miisa 18 tsy nanara-dalàna nesorina



*Ny fampiharana lalàna nataon'ny CUA tetsy Analakely omaly.*

Taorian'ny fampitandremana nomen'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) afak'omaly an'ireo mpivarotra isan-karazany mampiasa iny Arcade sy ny Araben'ny Fahaleovantena Analakely sy ny manodidina iny , toy ireo fiara maty , ny fiara amidy , ny fiara anaty Passage zébré , Bouffe Mobile , mpivarotra amorondalana , izay marihana fa tsy manara-dalàna sy tsy nahazo alalana avy ao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra. Niroso nidina ifotony omaly, nampihàtra ny lalàna ny sampan-draharaha misahana ny fitaterana sy ny fifamezivezena DTMU, niaraka tamin'ny Easy Park, ny polisy monisipaly sy Nasionaly, ny mpamonjy voina ary ny avy ao amin'ny Intendant, ka fiara roa no naiditra fihibohana na fourrière satria fiara tsy nihetsika sady efa tsy mandeha intsony. Fiara 16 no nasiana Taquet d'Arrêt. Ireo mpivarotra tsy tafiditra ao anaty fikambanana tsy nahazo alalana avy amin'ny CUA toy ny Bouffe Mobile, ny mpanao Décodage, ny mpivarotra hani-masaka tsy ara-dalàna, ny mpivarotra fiara ,sns... dia noesorina avokoa ary samy nahazo fampitandremana. Izao no natao, hoy ny Tale misahana ny fitaterana sy ny fifamezivezena eto an-drenivohitra Landy Raveloson, dia fametrahana sy fampiharana ny lalàna sy lamina izay efa nifampidinihana tamin'ireo mpiantsehatra rehetra efa ho herintaona sady fampiharana ny ara-dalàna araka ny efa tarigetran'ny Ben'ny Tanànana Lalao Ravalomanana sy ireo mpiaramiasa aminy. Hitohy ary tsy hijanonana hatreo izao hetsika fanadiovana sy fametrahana ny tany tan-dalàna eto an-drenivohitra izao ary entanina hatrany ny rehetra hanaraka ny fandaminana apetraky ny Kaominina mba hisian'ny fandrindrana mazava.

***Rajaonarimpanontsana***

Boriboritany faha-2 (CUA)

## Manohy ny fanadiovana faobe sy fanadiovana ireo lakandrano eny Ambolokandrina

Natao teny amin'ny faritra Ambolokandrina iny indray ny fanadiovana faobe izay niarahana tamin'ireo mpanadion'ny Boriboritany faharoa, Kaominina Antananarivo Renivohitra(CUA). Naharitra nandritra ny 3 andro izany asa izany , natomboka ny alatsinainy 18 febroary ary tsy nifarana raha tsy omaly alarobia 20 febroary 2019. Ny asa izay natao dia fanadiovana tamin'ny ankapobeny ny tsena teo amin'ny Akondro Ambolokandrina ary koa fanadiovana ny lakandrano manodidina, izay matetika tsentsina nohon'ny fako izay mivarina ao anatin'izany. Ny tanjona amin'izao asa fanadiovana izao dia ny fitandroana ny fahadiovan'ny tanàna lalandava; ho fitandroana ihany koa ny lakandrano tsy ho tsentsina satria izany indrindra no mahatonga ny fiakaran'ny rano mandritra izao fotoam-pahavaratra izao. Entanina arak' izany ny mponina sy ny mpivarotra mba tsy hanary eny rehetra eny ny fakony, fa hanary izany any amin'ny toerana natokana ho an'izany dia ny dabam-pako.

**Serge**



Ny fanadiovana faobe teny Ambolokandrina.

Boriboritany faha-5 (CUA)

## Nanao fanadiovana teny Ambatokaranana, Alarobia Amboniloha ary Mikoja Ampasampito

Ho fitandrona hatrany ny fahadiovan'ny tanàna, dia mitohy ny asa fanadiovana tanterahan'ny boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Niara-nisalahy ireo ekipa teknika nanatanteraka izany teny amin'ny fokontany Ambatokaranana sy Amboniloha ary teny amin'ny Mikoja Ampasampito. Nandritra izany, nosokirina avokoa ireo tatatra hisorohana ny mety hiakaran'ny rano, indrindra amin'izao fotoam-pahavaratra izao. Manentana hatrany ny mponina ny fiadidina ny tanànan'Antananarivo mba hitandro ny fahadiovana satria izay tsy mandoto dia efa manadio, ny fako dia tokony hariana any amin'ny dabam-pako.

**Aly**



Ny asa fanadiovana tao amin'ny Boriboritany faha-5.

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao : ho antsika zanak'i Dada rehetra, rehefa nandinika lalina Atoa Marc Ravalomanana sy ny Tim.k25 foibe dia aleo mampandany ireo kandida atolotry ny antoko Tim sy k25, satria raha azontsika ny majorité parlémentaire dia isika no manendry Premier Ministre ... Andao isika rehetra hifidy mba hamehezantsika ny gouvernement hanatanterahana ny Map2 sy ny Manifesto ... "Tsy hanaiky intsony ny fangalaram-bato sy ireo hosoka isika , tsy maintsy handray fepetra hentitra ny Tim sy k25 ary ny zanak'i Dada raha mbola misy ny tsy fangaraharahana". Ny kandidà hatolotra dia tokony ho kandidà olom-baovao atolotry ny base TIM sy ny K25, ary maha- vita azy, ho afaka hitondra ny feon'ny vahoaka marina ao amin'ny Assemblée.

**Com-TIM Miarinarivo-Itasy**

## SARIITATRA: Ho tratry ny veli-kibay, ny veli-kanota tsy ferana, ny mpitondra




Jessica mpanotra eny Ivato

## Tsy manentana ho eny aminy, fa ho any amin'ny Hôpitaly

Am-polo taona no efa nikarakaran'i Jessica olona eny Mandrosoa Ivato rehefa miantso azy amin'ny 03387 39541. Raha tsiahivina mantsy dia tamin'izy mbola vao 6 taona monja no efa nahazo fanomezam-pahasovana natao hikarakara ny mpiara-belona aminy. An-jatony ireo efa nahazo fahasoavana avy aminy toy ny vehivavy tsy niteraka taona maro nefa dia nahazo zaza soa amantsara , tao ireo malemy tsy mahatsangana tao anatin'ny volana maro nefa sitrana rehefa voakarakara, tao ihany koa ireo aretina tsy fanta-pototra samihafa ary lany haiky tamina mpitsabo samihafa fa tsy nahita fahasitranana raha tsy tao aminy, tao ihany koa ireo lehilahy malemy filahiana sy tsy tiam-bady fa sitrana rehefa voakarakara, fa mbola tao koa ny olona tratry ny ambalavelona sy tsy tiamainty fa ny fikarakarana nataony no nahasitrana azy. Santionany ireo raha ny fanazavan'ity mpitsabo ity, fa mbola maro ireo olana samihafa no efa nandalo tao aminy ka nahita fahasoavana sy fahasitranana avokoa. Rano manokana sy menaka avy any Inde no hitsaboany ireo tonga manatona eny aminy ary tsy mifidy saranga, na fihaviana na finoana izy fa raisiny avokoa izay mila fitsaboana eny aminy. Misy ireo avy lavitra tsy tafody no mijanona ao amin'ny Hôpitaly ao aminy, saingy tsy manentana olona hiditra Hôpitaly ao aminy izy, fa any amin'ny Hôpitalim-panjakana kosa. Samy manana ny hasiny ireo hoy izy , saingy mifanampy ny zavatra rehetra satria samy fitsaboana no atao. Mandray olona isan'andro ity mpitsabo ity ary mifanaraka tsara amin'ny saram-pitsaboana atao amin'ny marary. Ireo efa nahita soa taminy dia sahy mijoro vavolombelona tamin'ny fahasoavana azony taminy ka mampahafantatra azy amin'ny mponina sy ny mpiara-belona aminy , tsy eto Antananarivo ihany fa hatrany amin'ny faritra hafa ihany koa.

**Namana**

Boriboritany faha-6 (CUA)

## Nanadio sy nanao "reception technique" ny fandokoana trano

Nohon'ny rotsakorana tsy niato nandritra iny herinandro lasa teo iny dia saika hita ho tsentsina avokoa ireo tatatra sy lakandrano manodidina ny boriboritany fahaenina, Kaominina An- tananarivo Renivohitra (CUA). Izany indrindra no nahatonga ny sampandraharaha teknika nanadio ny tatatra tsentsina teny amin'ny fokontany Ambodivonkely ny zoma teo, ka mitohy amin'ity herinandro ity. Nesorina tao anatin'iza-ny ireo fotaka sy fako izay manentsina ny lakandrano, mba hahafahan'ny rano mikoriana tsara ara-dalàna. Ankoa-tr'izay, dia mbola mitohy hatrany ny fandokoana ny biraon'ny boriboritany fahaenina, anatiny sy ivelany, mba hitsinjovana ny soa iombonan'ny tsirairay, ary ihany koa mba hanome endrika tsara ny tanàna. Noraisina ara-teknika ny fahavitan' iza-ny asa fandokoana iza- ny.

**Aly**



Ny fanadiovana teny amin'ny Boriboritany faha-6.

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**16/02/19 hatramin'ny 22/02/19**

- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **TSARA** (Andavamamba (route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14
- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17
- **NANISANA** (Route de Nanisana) 020 22 520 29/032 03 520 29/034 05 750 29
- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 877-02-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### Faritra Boeny sy ny FORMAPROD

# Hatao izay hampisongadina ny vokatra manga



*Ireo teknisian'ny FORMAPROD sy ireo solontenam-panjakana any amin'ny faritra Boeny.*

Nambara tamin'ny fomba ofisialy tao amin'ny Tranoben' ny Varotra sy ny Indostria Mahajanga ny faran' ny herinandro teo, ny fiaraha-miasan'ny Foimbemparitry ny Varotra sy ny Fanjifana Boeny( DRCC Boeny), ny Foimbem-paritry ny Varotra sy ny fanjifana Atsinanana ary ny Foimbem-paritry ny Varotra sy ny fanjifana Analanjorofo. Hiompana indrindra ami-n'ny fifanakalozana sy ny fampandrosoana ara-barotra io fiaraha-miasa io. Izany dia natao eo ambany fandrindran'ny Programme de Formation Professionnelle et de l'Amélioration de la Productivité Agricole (FORMAPROD), na ny fandaharanasa eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Fiompiana sy ny Fambolena ary ny Jono misahana ny fampiofanana sy famokarana vokatra ara-mpambolena avy any amin'ny Faritra Atsinanana sy Analanjorofo mba ho fampahafantarana ny lanjan'ny vokatra izay mitobaka eny amin'ny tsenan'ireo faritra roa voatanisa ireo. Anisany amin'izany ny vokatra corossole. Tsara ny mampahafantatra hoy ny Teknisianina avy ao amin' ny FORMAPROD Ramatoa Ravelonjatovo Sylvia Aimé fa ny corossole dia anisan'ny fanafody hiadiana amin'ny aretina homamiadana sy ahazoana ranom-boankazo. Ny voany sy ny raviny ihany koa dia azo ampiasaina amin' izay lafiny ara-pahasalamana izay ihany. Ireo tanora eo anelanelan'ny 14 ka hatramin'ny 29 taona, izay tsy afaka manohy fianarana intsony no raisin'izy ireo an-tanana. Ao ihany koa ireo tantsaha maniry ny ho matihanina amin' ny asa eny amin'ny tontolo ambanivohitra. Ny Fond International de Développement, na ny FIDA no mpamatsy ara-bola azy ireo. Ny tanjon' izao fiaraha-miasa izao dia ny fampifandraisana ny vokatra avy any amin'ny faritra Boeny sy avy any amin'ny faritra Atsinanana ary ny ao Analanjirofo. Hampitomboina ny vola miditra ho an'ny tokantranon'ny tantsaha ary ho fanatsarana ny tahampamokaran'ireto farany. Etsy ankilan'izay dia manohana ara-piofanana, mamatsy masom-boly sy zana-boly ary sakafombiby ireo tantsaha ny FORMAPROD. Nambaran'ny Lehiben' ny Sampandraharahan'ny fizahantany avy eo anivon'ny Faritra Boeny, Rakotonirina Jean Clau-de, fa hilofosana izay hahamatotra ny fiaraha-miasan'ny Faritra sy ny FORMAPROD. Tanjona amin'izany ny hamoahana sy ho fanasongadinana koa ny vokatra manga izay mampiavaka ny faritra Boeny.

***Aly***

### Cours des Comptes sy ny CUA

# Niara-nanao tombana ny fanatanterahana ny politikan'ny fidiovana sy ny fanadiovana

Niara-nanao tombana ny fanatanterahana ny politikan'ny fidiovana sy ny fanadiovana ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) sy ny Cours des Comptes, na ny Fitsarana ara-bola omaly tetsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely. Natomboka omaly alarobia faha 20 ny volana Febroary 2019 tokoa ny fanombanana ny politikam- panjakana mikasika ny fidiovana sy ny fanadiovana, izay noferana ho eto Antananarivo sy ny manodidina azy, na ny antsoina hoe " GRAND TANA", izany dia niarahan'ny Fitsarana ara-bola na ny Cours des Comptes eto Madagasikara sy ny avy amin'ny kaomininina Antananarivo Renivohitra ( CUA), mba ho fitsinjovana ny mponina. Ny tanjon'izany fivoriana izany dia ny fametrahana ireo dingana tsy maintsy lalovana ho entina hanatanterahana ny fanombanana, ny fanatanterahana io politikampanjakana momba ny fidiovana sy fahadiovana io, hoy ny filohan'ity fitsarana ity, Jean de Dieu Rakotondramihamina.

***Serge***




*Ny fivoriana momba ny fidiovana sy fahadiovana tetsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 271**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady


### Valiny Teny Tondro (0270)

***Mitsivalana***
- Kisoa – Fa (Miv)
- Asa – Mira
- Maimbo
- Nao – Ha
- Alaina
- Na – Niray
- Aoka – Osa

***Mitsangana***
- Kambana
- Isa – Lao
- Saina
- Maina
- Ambony
- Io – Ora (Miv)
- Rà (Miv) – As
- Faladia

## TENY MIFANAPAKA

**N° 271**




**Mitsivalana**

1. Mpanelanelana ara-barotra – Mitempo **2.** Mpanondro – Voalohan-janaka (Miv) **3.** Fitobian'ny fiarako **4.** Karazana lasopy (Miv) – Nanesotra **5.** Taolany – Toe-bolo, ngita **6.** Heloka – Kapoka (Miv) **7.** Lalam-pirenena – Fitaovam-piadiana **8.** Kamo, tsy mazoto **9.** Tao – Tovona **10.** Isa omea ao amin'ny taranja – Tsy manaiky (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Misotro – Tsirin-teny **B.** Voankazo maliaza ao Ankaratra – Dila **D.** Fiandohan'ny rotaka – Tofoka **E.** Nandalina **F.** Taranany **G.** Dadany – Kianteny **H.** Teny mandràra – Ray **I.** Fanatanjahan-tena – Metaly **J.** Naoty – Tsy misy volo (Miv) – Osy tapa-drambo **K.** Tolotra – Tsaroana (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0270

***Mitsivalana***

1 Milomano **2.** Anadahy - PM (Miv) **3.** Lalina - Lay **4.** An(dro) - Saina **5.** Lena - Noan(a) **6.** Ala - Do (Miv) **7.** Ka - Enina **8.** At - Namangy **9.** Retra - Ay **10** . Vazo miray

***Mitsangana***

**A.** Malalaka **B.** Ina - Elatra **D.** Làlana - Za (Miv) **E.** Odina - Ento **F.** Man-Rano (Miv) **G.** Saha (Miv) - Mamy (Miv) **H.** Ny - Anana **I.** Lio - Rano (Miv) **J.** Manao - Gia Mpiandry

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fanadiovana tatatra sy lalana teny Ambolonkandrina boriborintany faha-2.





Ny fanadiovana lakandrano teny Besarety boriborintany faha-3.





Ny fanadiovana lakandrano teny amin'ny boriborintany faha-5.





Ny hain-trano nitranga teny Anosibe Andrefana boriborintany faha-4.



